# Ireo fitahiana avy amin'ny asa fitoriana

Halalino ireto andinin-tsoratra masina sy teny nambara manaraka ireto. Rehefa mandalina ianao dia tadiavo ireto manaraka ireto:

1. Fitahiana azon'ny Tompo omena ny hafa amin'ny alalan'ny ezaka ataontsika amin'ny asa fitoriana ny filazantsara.
2. Fitahiana azon'ny Tompo omena antsika noho ny fandehanana manao asa fitoriana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:1–4


Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 15:6

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:14–16

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31:3–8

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:22

Nampianatra izao ny Filoha Russell M. Nelson:



Ry rahalahy sy anabavy, tsy mbola nilaina mihoatra noho ny amin'izao fotoana izao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Manohitra ny zavatra rehetra ijoroan'ny Mpamonjy sy izay nampianariny ny disadisa sy ny fifandirana ary ny ady. Tiako ny Mpamonjy Jesoa Kristy ary mijoro ho vavolombelona aho fa ny filazantsarany no *hany* vahaolana maharitra mba hisian'ny fandriampahalemana. Ny filazantsarany dia filazantsaran'ny fiadanana [jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:16]. . . .

Ny misiônera *rehetra* dia mampianatra sy mijoro ho vavolombelon'ny Mpamonjy. Ny haizina ara-panahy eto amin'izao tontolo izao dia mahatonga ny fahazavan'i Kristy ho vao mainka ilaina kokoa mihoatra noho ny tamin'ny fotoana hafa rehetra. Ny olona rehetra dia mendrika ny hanana fahafahana ny hahafantatra momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Ny olona rehetra dia mendrika ny hahafantatra hoe aiza no ahafahany mahita fanantenana sy fiadanana izay "mihoatra noho ny fahalalana rehetra" [Filipiana 4:7]. (Russell M. Nelson, "Mitory ny filazantsaran'ny fiadanana," *Liahona*, mey 2022, 6–7)

Nampianatra izao ny Loholona Marcus B. Nash ao amin'ny Fitopololahy:



Ny fizarana ny filazantsara dia mampitsiry fifaliana sy fanantenana ao amin'ny fanahin'ilay mpanome sy ilay mpandray. Marina tokoa fa "akory ny halehiben'ny fifalianareo" [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:15] rehefa mizara ny filazantsara ianareo! Fifaliana miampy fifaliana, fanantenana miampy fanantenana ny fizarana ny filazantsara. . . .

Ny fisafidianana ny tsy hanainga ambony ny hazavan'ny filazantsara dia mitondra antsika amin'ny aloka izay toerana hahazoan'ny fakam-panahy kokoa antsika. Fa ny zava-dehibe dia marina ny mifanohitra amin'izany: ny fisafidianana hanainga ambony ny fahazavan'ny filazantsara dia mitondra antsika hanatona kokoa izany fahazavana izany sy ny fiarovana amin'ny fakam-panahy entin'izany. Fitahiana goavana ho an'izao tontolo ankehitriny izao izany! (Marcus B. Nash, "Aingao ambony ny fahazavanao," *Liahona*, nôv. 2021, 71–72)



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_603-1